



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavaha · Tanindrazana · Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-186

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY TOLO-DALÀNA LAHARANA FAHA-009-2021/PL TAMIN'NY 8 DESAMBRA 2021 "MODIFIANT ET COMPLÉTANT CERTAINES DISPOSITIONS DU CODE DE PROCÉDURE PÉNALE", NATOLOTRY RAHANTANIRINA LALAO, SOLOMBAVAMBAHOAKA VOAFIDY TAO AMIN'NY DISTRIKAN'I MAHAJANGA I

Fivoriana Faha-28
Natao ny
Alarobia 15 Desambra 2021
- Hariva -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

MPITANTSORATRA: Ramatoa ANGELE Solange

FOTOANA: Alarobia 15 Desambra 2021, tamin'ny 4 ora sy 50 minitra, hariva.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-dalàna laharana faha-009-2021/PL tamin'ny 8 Desambra 2021 “modifiant et complétant certaines dispositions du Code de Procédure Pénale”, natolotry RAHANTANIRINA Lalao, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Mahajanga I.

Nitohy ny Alarobia 15 Desambra 2021, tamin'ny 4 ora sy 50 minitra, hariva, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana, ka Ramatoa ANGELE Solange no nanatanteraka izany.

Taorian'izay, nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny fanatontosana izany, Andriamatoa Filoha no sady nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera mba hamaky ny tatitra momba ny Tolo-dalàna ny tenany.

Nanao satroka Ramatoa RAHERIHARIJAONA Regina Clarisse, tamin'ny tsy maha eto an-toerana an-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, tomponandraikitra amin'ny famakiana ny tatitra, ka izy no nomeny alalana hanatanteraka izany.

Nankatoavin'Andriamatoa Filoha ny fangatahany, ka toy izao ny nataony.

Nivory ny Alarobia faha-15 Desambra 2021 tamin'ny 10 ora, maraina, ny Vaomieran'ny Lalàna sy ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana nandinika ny Tolo-dalàna laharana faha-009-2021/PL «modifiant et complétant certaines dispositions du Code de procédure pénale», nataon-dRamatoa RAHANTANIRINA Lalao, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Mahajanga I.

Andriamatoa IDEALSON, Filohan'ny Vaomiera momba ny Lalàna, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana:

- Avy ao amin'ny Vaomiera momba ny Lalàna:
Ramatoa sy Andriamatoa isany;
 1. IDEALSON
 2. RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
 3. JOHASY RAHARISOA Eléonore
 4. PEPIN Michou

- Avy ao amin'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana:
Ramatoa isany;
 1. RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
 2. VOAHANGINIRINAZAFIMANDIMBY Maire Laurette
 3. JOHASY RAHARISOA Eléonore

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nivory:

Andriamatoa isany,

- | | |
|-------------------------------|----------|
| - RASOLOMAHOLY RAKOTOZANANY | SG/MID |
| - RANDRIAMAHENINA Théodore | DGAT/MID |
| - ANDRIAMANANA Ramahavokatsoa | DGRA/MID |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nilaza ny hevitra ny Vaomiera momba ny Lalàna mikasika ity Tolo-dalàna ity ny tenany. Nambarany tamin'izany, fa azo atao tsara ny mandinika ny Tolo-dalàna tany amin'ny asam-boamiera satria lalàna efa nisy no hovaina. Izany dia manamafy ny maha-“domaine de la loi” azy araka ny voalazan'ny andininy faha-86 ao amin'ny Lalàmpanorenana. Anisan'ny manamafy izany ihany koa ny fanajan'ny Governemanta ny fe-potoana 30 andro nanehoany ny heviny.

Taorian'izay, nomena fitenenana avy hatrany Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao, mba hitondra fanazavana mikasika ny Tolo-dalàna natolony.

Tamin'izany no nilazan'ity farany fa anisan'ny fototra nanolorana ny Tolo-dalàna ny fahitana ny tranga mateti-piseho any amin'ny Faritra maro, toy ny fanenjehana sy fanagadrana ireo Ben'ny Tanàna. Izany dia miteraka sakana amin'ny fampandrosoana satria tsy voaaro ireo Ben'ny Tanàna, ka matahotra izy ireo rehefa miditra biraom-panjakana.

Taorian'izay, niditra tamin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory ka tao anatin'izany no nanoloran'izy ireo fanamarihana vitsivitsy:

FANAMARIHANA AVY AMIN'NY SOLOMBAVAMBAHOAKA SY TEKNISIANA:

- Tsy ny olona no arovana amin'ity Tolo-dalàna ity, fa ny asa aman'andraikitra izay iandraiketany;
- Tsy ny Filoha mpitantana ny Vondrom-bahoaka Intsinjaram-pahefana irery ihany no arovana, fa tokony harovana koa ireo solotenam-panjakana any an-toerana;
- Tokony hasiana fanaraha-maso ny fampiharana ny lalàna lany teo anivon'ny Parlemanta;

- Matetika tafalatsaka ao anatin'ny fahadisoana ny Ben'ny Tanàna eo ampanatontosana ny asany noho ny fahasarotan'izany, indrindra ny tsenam-baro-panjakana, ka tsara ny hiarovana azy ireo;
- Tsy tokony hampidirina amin'ity Tolo-dalàna ity ny Governora satria tsy ao anatin'ny Lalàmpanorenana io rijan-teny io, fa ny Lehiben'ny Faritra no hita ao.

Rehefa vita izany, niroso tamin'ny fandaniana isan'andiny ny mpivory.

- Famelabelarana ny antonantony: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna;
- Andininy voalohany: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana);
- Andininy faha-2: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna;
- Andininy faha-3: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna;
- Andininy faha-4: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna;
- Andininy faha-5: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fandaniana amin'ny ankapobeny ny Tolo-dalàna ny mpivory.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay dia nolanian'ny Vaomiera momba ny Lalàna sy ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahafana tamin'ny endriny nasiam-panovàna ny Tolo-dalàna laharana faha-009-2021/PL «modifiant et complétant certaines dispositions du Code de procédure pénale», natoan-dRamatoa RAHANTANIRINA Lalao, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Mahajanga I, ka hoentina eny anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 12 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

TOVANA

VERSION ORIGINALE	VERSION AMENDEE
<p>Article 514 (nouveau): Lorsqu'un <u>Maire, un Chef de Région ou un Gouverneur</u>, est susceptible d'être inculpé d'un crime ou d'un délit commis dans l'exercice ou hors de l'exercice de ses fonctions, la poursuite ne peut être engagée que sur l'ordre du Procureur Général près la Cour d'Appel <u>et après avis conforme du Ministre en charge de la Décentralisation</u>.</p>	<p>Article 514 (nouveau): Lorsqu'un Commissaire Général, un Préfet, un Préfet de police, un Chef de District ou un Chef d'arrondissement administratif, est susceptible d'être inculpé d'un crime ou d'un délit commis dans l'exercice ou hors de l'exercice de ses fonctions, la poursuite ne peut être engagée, sauf en cas de flagrant délit, que sur l'ordre du Procureur Général près la Cour d'Appel.</p> <p>Lorsqu'un Chef de Province, un Chef de Région ou un Maire est susceptible d'être inculpé d'un crime ou d'un délit commis</p>

<p>La poursuite, l’instruction et le jugement sont confiés à des juridictions autres que celle dans le ressort de laquelle <u>le fonctionnaire</u> inculpé exerce ses fonctions, <u>et</u> désignées par le Premier Président de la Cour d’Appel, comme il est prévu à l’article précédent.</p>	<p>dans l’exercice ou hors de l’exercice de ses fonctions, la poursuite ne peut être engagée, sauf en cas de flagrant délit, que sur l’ordre du Procureur Général près la Cour d’Appel.</p> <p>La poursuite, l’instruction et le jugement du fonctionnaire ou de la personnalité élue ou de la personnalité exerçant les fonctions visées aux alinéas 1 et 2 ci-dessus sont confiés à des juridictions autres que celle dans le ressort de laquelle l’inculpé exerce ses fonctions. Ces dites juridictions sont désignées par le Premier Président de la Cour d’Appel, comme il est prévu à l’article précédent.</p>
---	---

Nisaotra ny Mpampakateny tamin’ny famakiana ny tatitra, Andriamatoa Filoha ary nanambara hiroso amin’ny fanamarihana na fanitsiana momba izany ny mpivory ary mbola tsy miditra amin’ny adihevitra ankapobeny aloha.

Nanamarika Andriamatoa IDEALSON, raha nomena fitenenana, fa ny andininy faha-86 ao amin’ny Lalàmpanorenana dia manambara momba ny “domaine de la loi”, tsy izay no resahana eto fa volavolam-panovàna ny fe-potoana 15 andro momba ny fanaovan’ny Governemanta ny «amendements» tiany hatao, fa ny 30 andro no voalaza teo kosa, voahaja izany.

Nanamabara Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery, fa tokony hahemotra ny fandinihana ny Tolo-dalàna satria ohatran’ny tsy feno ny fepetra hanaovana izany.

Namaly Andriamatoa Filoha, fa fanamarihana ny tatitra no atao fa tsy mbola miditra amin’ny adihevitra ankapobeny aloha.

Rehefa izany, nomena fitenenana ny solotenan’ny Governemanta raha misy fanamarihana tiany hatao.

Fialan-tsiny tamin’ny tsy fahafahan’Andriamatoa Minisitra manatrika izao fivoriana izao no voalohan-teny nataon’Andriamatoa Sekretera Jeneralin’ny Minisiteran’ny Fitsarana. Nambarany koa fa tsy manana fanamarihana momba ny tatitra ny solotenan’ny Governemanta.

Rehefa izany, nomena fitenenana, Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao, mba hitondra fanazavana mikasika ny Tolo-dalàna natolony. Nambarany fa maro ny Ben’ny Tanàna notoriana teny amin’ny fitsarana teo ampanatanterahana ny asany. Misy amin’izy ireo no migadra kanefa asany no nataony saingy nisy lalàna tsy fantany tamin’ny fanatontosany ny

andraikiny. Tsy midika ho fiarovana azy ireo ny antony nanaovana ity Tolo-dalàna ity, kanefa tsapa fa misy amin'izy ireo tsy nanao heloka kanefa iharan'ny sazy. Tokony hapetraka tsara ny arofanina amin'ny maha olom-boafidim-bahoaka azy ireo, mba hialana amin'ny fampidirana am-ponja amin'ny tsy antony.

Nomarihany koa fa tokony homena fiofanana ny Ben'ny Tanàna noho ny tsy fahampian'ny traikefa ananany ary hisorahana izay fampidirana am-ponja azy ireo izay kanefa asany no notanterahany.

Rehefa izany, nisaotra ny tompon'ny Tolo-dalàna tamin'ny fanzavana nomeny, Andriamatoa Filoha ary nanambara fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Nambaran'Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco, raha nomena fitenenana izy, fa efa Ben'ny Tanàna ny tenany teo aloha. Tsapa fa maro tokoa ny zavatra tokony hojerena hanatsarana ny lalàna misy ankehitriny. Noho izany, niangavy ny tenany mba tsy hirotoroto amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ity Tolo-dalàna ity.

Nambarany koa, fa aleo ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny handiniana azy.

Nilaza kosa Ramatoa RAHARIMAMPIONONA, fa voatohitohina ny “principe de séparation des pouvoirs”, ka tokony hodinihana lalina aloha izay vao miroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-dalàna ny mpivory.

Nambaran'Andriamatoa DJAOSERA Irénée, fa betsaka ny Ben'ny Tanàna migadra satria mitantam-bolam-panjakana izy ireo. Mety tsy ho fahaizana mitantana na fanaparam-pahefana no antony. Noho izany, tsy tokony hampitoviana amin'ny “immunité parlementaire” ny resaka Ben'ny Tanàna. Izany hoe, tsy mitovy ny asan'ny Solombavambahoka sy ny Ben'ny Tanàna. Tsy mitombina eto ny fampiharana ny “cas d'impunité” satria mety hitarika zavatra hafa izany. Hiteraka fanimbana ny asan'ny Filohampirenena koa raha toa mahazo alalana avy amin'ny Minisitry ny Atitany ny Ben'ny Tanàna kanefa mety hanao ny tsy rariny izy ireo amin'ny asany.

Ny olona tsy manan-tsiny no tokony harovana. Izany hoe, ny vahaolana dia ny fanomezana fiofanana mba tsy hisian'ny fanagadrana azy ireo. Noho izany, tokony handinika tsara ary aleo ahemotra ny fandinihana ny Tolo-dalàna.

Nambaran'Andriamatoa RAKOTONIRINA Jimmy Joe kosa, fa tsy misy antony tokony hanenjehana ny Ben'ny Tanàna raha mampihatra ny mangarahara eo amin'ny fanatanterahany ny asany izy ireo.

Tsy tokony hisy kosa Ben'ny Tanàna tsy maty manota raha hatao koa ny fandaniana ity Tolo-dalàna ity. Izany hoe, mila mandinika tsara aloha ny rehetra vao mandray fanapahan-kevitra.

Nilaza Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, fa saro-pady ny fampiharana ity Tolo-dalàna ity satria betsaka ny antony fampidirana am-ponja, ao ny fanenjehana ara-politika ohatra, ao koa ny zavatra tsy mety nataony. Noho izany, tokony hahemotra amin'ny manaraka ny fandinihana ity Tolo-dalàna ity.

Tsy ny fanomezana “immunité parlementaire” azy toa antsika no vahaolana, fa aleo mitady vahaolana ahitana marimaritra iraisana hiarovana ny Ben’ny Tanàna.
Eo anatrehan’izay, mangataka ny hanemorana ny fandinihana ny Tolo-dalàna araka ny voalaza teo.

Nohamafisin’Andriamatoa SATRA Augustin, fa tsy olona no arovana fa ny fampiharana ny lalàna no tokony ho hentitra. Nambarany ihany koa, fa “gestionnaire de crédits” ny Ben’ny Tanàna fa tsy tokony hiandraikitra ny asan’ny “ordonnateur” ary raha resaka politika no anenjehana azy, mendrika ny harovana izy ireo.

Nambaran-dRamatoa RAHERIHARIJAONA Regina Clarisse kosa, fa mihazakazaka amin’ny fandrosoana ny firenena; ao anatin’izay, matetika misy ny tondro molotra. Raha tratan’izany, migadra ny ankabeazan’ny Ben’ny Tanàna. Noho izany, ilaina ny fiarovana azy ireo amin’ny tsy rariny ataon’ny olona hafa aminy.

Tokony hahemotra ny fandinihana ity Tolo-dalàna ity satria hitarika amin’ny fampandrosoana ny fanatsarana hatao aminy ary manentana rehetra handinika tsara vao miroso amin’ny fandania azy.

Nambaran-dRamatoa VOLAHAINGO Marie Therèse, fa efa nisy fandinihana natao toy izao tamin’ny taona 2019 izay nitarika savorovoro teto amin’ny firenena. Noho izany, aleo ahemotra ny fandinihana azy.

Raha nandray fitenenana kosa Andriamatoa EDIZARD, nambarany fa miteraka olana any ambanivohitra ity Tolo-dalàna ity, ka aleo ahemotra ny fandinihana azy.

Namaly Andriamatoa Filoha ary nilaza fa ny fanazavana ny atao hoe: tratra ambodiomby dia tsy voafaritry tsara ato anaty Tolo-dalàna. Ny Fehezan-dalàna momba ny paikady heloka dia manazava tsara ao amin’ny andininy faha-206, fa dimy karazana no fandikana izany tratra ambodiomby izany. Tsara raha asiana fanamboarana sy fanatsarana aloha ity Tolo-dalàna ity vao dinihana.

Taorian’izay, nomeny fitenenana Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol, nambarany fa tsy vita ao anaty fotoana fohy ny fandinihana ny Tolo-dalàna noho ny zavatra maro tokony hohatsarina ao aminy, ka aleo ahemotra amin’ny manaraka.

Nanamafy an’izany Andriamatoa TSIKIVY Adrien, fa ilaina ny fandinihana lalina ny Tolo-dalàna manoloana ny fanenjehana ara-politika. Koa aleo dinihana tsara satria ny olona madio no arovana. Noho izany, aleo ahemotra ny fandraisana fanapahan-kevitra momba azy.

Raha nomena fitenenana Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philobert, nambarany fa efa Ben’ny Tanàna nandritry ny 12 taona ny tenany ary niharan’izany fanenjehana izany, ka aleo mandinika tsara vao miroso amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa niombon-kevitra amin'ny hanemorana ny fandinihana ny Tolo-dalàna laharana faha-009-2021/PL ny Solombavambahoaka, ka handraisana fanapahan-kevitra ny momba izay.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 25 no nanaiky ny fanemorana; iray no nanaiky ny hirosoana amin'ny fandinihana; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana ny Tolo-dalàna laharana faha-009-2021/PL tamin'ny 8 Desambra 2021, natolotry ny Solombavambahoaka RAHANTANIRINA Lalao.

Taorian'izay, nilaza Andriamatoa Filoha, fa aorian'izao fivoriana izao, hisy asam-baomiera handinihana ny volavolan-dalàna laharana faha-23/2021 momba ny "ratification de l'accord de financement relative au projet de Transport par cable à Antananarivo, conclu le 15/12/2021 entre la République de Madagascar et la Société Générale" hatao ao amin'ny "Salle BP" araka ny Didim-panjakana tonga eto amintsika, koa manentana izay voakasik'izany mba hamonjy io fivoriana io.

Nanao satroka Andriamatoa TSABOKAY Honoré ary nilaza amin'ny tokony hiroso amin'ny fanaovana ny "Rapports de la Commission Spéciale sur la mise en accusation devant la Haute Cour de Justice (HCJ)" ny mpivory aorian'izao fivoriambe izao.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa naharay taratasy milaza ny tsy fahatongavan'Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee, Mpampakateny ny tenany. Noho izany, nambarany, fa aleo ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fanaovana izany satria mbola manana 6 volana ny vaomiera hanatanterahany ny asany.

Nambaran'Andriamatoa TSIKIVY Adrien, fa tsy tokony ho sakana amin'ny fanaovana tatitra ny tsy fahatongavan'ny Mpampakateny.

Nilaza Andriamatoa DJAOSERA Irenée, fa tokony hahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fanaovana izany raha mbola tsy vonona ny antontan-taratasy rehetra.

Raha nandray fitenenana RAMAROSON Bonaventure, nilaza fa tokony halefa amin'ny alalan'ny hafatra finday raha misy tsy fahatanterahan'ny fivoriana mba hialana amin'ny fivezivezena.

Namaly Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, fa niantso ny Mpampakateny ny tenany ary nambaran'ny Mpampakateny efa nalefa any amintsika ny antontan-taratasy rehetra. Noho izany, tsy izy no tompon'ny teny farany fa isika rehetra.

Nohamafisin'Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, fa tsy salama tokoa ny Mpampakateny, ka izay no antony tsy ahitana azy eto.

Namaly Andriamatoa IDEALSON raha nomena fitenenana, sao hisy hilaza fa izahay no tsy mampandeha ny asa raha toa tsy hiroso amin'ny tatitra isika. Noho izany, miandry ny fanapahan-kevitra ny Solombavambahoaka na hatao ny tatitra na tsia.

Niangavy an'Andriamatoa Filoha koa ny tenany hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Nilaza kosa Andriamatoa EDIZARD, fa midika ho fahazotoana ny fahatongavan'ny Solombavambahoaka manatrika fivorina, koa maninona raha raisina ny fanapahan-kevitra.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba izany ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 27 no nanaiky ny fanemorana ny hanaovana tatitra; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fanaovana tatitra hataon'ny «Commission Spéciale sur la mise en accusation devant la Haute Cour de Justice (HCJ)» eto anatrehan'ny Solombavambahoaka.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Filoha, ka ny Alakamisy 16 Desambra 2021, amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra momba ireto volavolan-dalàna manaraka ireto:

- laharana faha-021/2021, tamin'ny 8 desambra 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Énergie Electrique à Madagascar phase II-PRIRTEM II, conclu le 15 novembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition (BAD/FAT))»;

- laharana faha-022/2021 tamin'ny 8 desambra 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Énergie Electrique à Madagascar phase II-PRIRTEM II, conclu le 15 novembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (BAD/FAD))»;

- laharana faha-023/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 «autorisant la ratification de l'accord de financement relatif au projet de Transport par Câble à Antananarivo, conclu le 15 Décembre 2021 entre la République de Madagascar et la Société Générale»;

- laharana faha-024/2021 tamin'ny 15 desambra 2021 «autorisant la ratification de l'accord de financement relatif au projet de Transport par Câble à Antananarivo, financé par NATIXIS agissant au nom et pour le compte du Gouvernement de la République Française, conclu le 15 Décembre 2021 entre la République de Madagascar et NATIXIS»;

- laharana faha-025/2021 tamin'ny 15 desambra 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Aménagement de Corridors et de Facilitation du Commerce-phase II (PACFC II), conclu le 02 décembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (BAD/FAD)».

Niato tamin'ny 6 ora sy 45 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona